Gazety Ny Valosoa Vaovao

## Hivoy ny hisian'ny fahamarinana eto amin'ny firenena hatrany 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 10 janoary 2019 Laharana 859 Vidiny : 400 Ar


**Fiainam-pirenena** 3

## Miandry ny fampanantenan'i Andry Rajoelina ny vahoaka


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Filoha Ravalomanana** 3

# Atsaharo ny fisamborana avoahay ireo tsy manan-tsiny



**HCC** 6

# Nampandresy ny tsy fahamarinana



**GAZETY NY VALOSOA** 3

## Nodimandry i Théos mpiara-miasa tany Frantsa



**Tranga** 5

## Nanolona zazavavy 13 taona, matin'ny fitsaram-bahoaka

**EPP Ampefiloha Ambodirano** 5

## Hioty ny vokatra tamin'ny teti-kasa fambolena an-drenivohitra

**Ny Rado Rafalimanana** 2

## Aoka isika hitandro hatrany ny fihavanana

**Daka kely**

Dia ho hita eo izay adin'ialahy ry Boaikely a !

**Halatra sy fisolokiana** 7

## Tratra ilay Frantsay naka vola tamin'ny GAB, tamin'ny karatra tsy ara-dalàna



GAZETY NY VALOSOA VAOVAO

# Hivoy ny hisian'ny fahamarinana eto amin'ny firenena hatrany

Niharitra nandritra ny 9 taona hiverenan 'ny fitondràna hanjakan'ny fahamarinana eto Madagasikara ary hisian'ny mpitondra voafidim-bahoaka, hitondra ho amin'ny fampandrosoana marina ho tombontsoa ho an'ireo taranaka faramandimby sy ny vahoaka Malagasy ny gazetinao Ny Valosoa Vaovao. Nisy ny fifidianana izay noeritreretina fa ho fifidianana eken'ny rehetra hanjakàn'ny fahamarinana no hisy eto Madagasikara, satria ny fikarakaràna fifidianana no antom-pisian'ny governemanta Ntsay Christian teo amin'ny fitondràna. Tsy izany anefa no nitranga, ka na efa nidradradradra ny hivoahan'ny fahamarinana aza ny vahoaka teo amin'ny kianjan'ny 13 mey, noho ny fisian'ny hosoka marobe izay nisy porofo tamin'ny fihodinana faha 2 dia nodian'ny HCC, fitsaràna avo momba ny lalàm-panorenana tsy hita izany fa dia nampandreseny ihany ny kandida N°13 Andry Rajoelina izy ireo. Ka na inona na inona hitranga dia mbola vonona hatrany, hijoro hitaky izany hatramin'ny farany, satria ny MARINA TSY MBA MATY na iniana saronana aza, ny gazetinao Ny Valosoa Vaovao, ary hamotsipotsitra izay zavatra tsy mety eto amin'ny firenena. Izany no natao anefa dia ao anatin'ny fifanajàna sy ao anatin'ny soa toavina maha Malagasy hatrany. Mankahery ary misaotra ny filoha Marc Ravalomanana fa tena ray amandrenin'ny MALAGASY tokoa izy amin'ny FAHENDRENA izay nasehony, koa matokia fa eo an-damosinao hatrany ny vahoaka, izay efa nanohana anao sy mbola hanohana anao, sy ny gazety. Mitaky amin'ny filoha vao lany ihany koa mba hanatanteraka ireo fampanantenana izay natao tamin'ny vahoaka nandritra ny fampielezan-kevitra, fa tsy ho kobaka am-bava fampandriana adrisa fotsiny izy ireny, fa raha tsy izany dia miala no mety aminy afaka fotoana vitsivitsy na lavalava, fa mivadi-belirano amin'ny vahoaka mpifidy.

***Helisoa***

Claudia Ravalomanana

# Nitondra fankasitrahana ny mpifidy avy amin'i Dada

Tao aorian'ny fivoahan' ny vokatra ofisialin'ny fifidianana navoakan'ny HCC, na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ny talata lasa teo, nitondra fankasitrahana ny mpifidy rehetra tsy ankanavaka avy amin'ny Filoha Marc Ravalomanana, na i Dada i Caudia Ravalomanana, izay vinantony. Misaotra ny vahoaka malagasy rehetra tsy ankanavaka hoy izy, nanao izay nety rehetra sy ny latsa-bato natolotrareo tamin'ny fanampiana sy fandaniana an'i Dada, misaotra tamin'ny fahatokisana sy ny fanohananareo an'i Dada hatramin'ny farany. Ny marina tsy mba maty fa manana an'Andriamanitra isika ka mahatoky Azy. Homba antsika mandrakariva Andriamanitra.



*Claudia Ravalomanana, vinanton'i Dada.*

***Isambilo***

FFKM

# Niarahaba ny Filoham-panjakana Rivo Rakotovao

Tonga niarahaba ny Filoham-panjakana Rivo Rakotovao ireo mpitarika ny FFKM, na ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara afak'omaly tolakandro, tetsy amin'ny Lapampanjakana Ambohitsorohitra. Nambaran'ny filohan'ny FFKM am-perinasa tamin'izany fa mandalo fotoan-tsarotra i Madagasikara amin'izao fotoana izao, ilaina noho izany hoy izy ny fiombonam-bavaka ho an'ny firenena. Notsindriana koa ny adidy sarotra noraisin'ny Filoham-panjakana ary nirariany ny soa sy ny tsara ary ny fanambinana ho azy sy ny ankohonany izy. Notsiahivin'ny Filoham-panjakana Rivo Rakotovao kosa ireo andraikitra lehibe efa nosahanin'ny FFKM teo amin'ny fiainana sy ny tantaram-pirenena, sy ny asa nosahaniny ho fampivelarana ireo mpino ao aminy, eo amin'ny sehatra mahakristiana azy ireny sy ny maha-olom-pirenena tompon'andraikitra azy koa.



*Ny fihaonana teo amin'ny mpitarika ny FFKM, sy ny Filoham-panjakana Rivo Rakotovao.Ireo*

***Isambilo***

Ny Rado Rafalimanana

# Aoka isika hitandro hatrany ny fihavanana

Tao aorian'ny fivoahan' ny voka-pifidianana ofisialy avy amin'ny HCC ny talata tolakandro lasa teo iny, nitondra ny fanehoan-keviny ny kandidà tamin'ny fifidianana filoham-pirenena, Ny Rado Rafalimanana. Namoaka ny Valim-pifidianana ofisialy ny Fitsarana avon'ny Lalam-panorenana eto amin'ny Repoblika Malagasy ny 08 janoary 2019 nlasa teo. Amin'ny maha mpandala ny fanajana ny fiandrianam-pirenena dia ny didy nivoaka dia tsy azo ivalozana, na dia nitaky ny fahamarinana sy ny ady amin'ny kolikoly ary ny halatra isan-karazany aza isika Malagasy. Izany ny Didy izany dia nandany ny kandida laharana 13 ho Filoham-pirenena. Izay no demokrasia misy eto Madagasikara aloha, koa dia hatrehina araky izay ny fanarenana ity Tanindrazana iombonana ity. Aoka isika hitandro hatrany ny fihavanana, ary ny fomba fijery no mety tsy mitovy fa ny samy Malagasy mila manaja ny fihavanana. Tao anatin'ireny fampielezan-kevitra ireny dia maro ny teny hentitra, masiaka, mahitsy ary maro ireo mpomba ny mpifanandrina no tohana sy tezitra ary nalahelo. Hidintsika ny fonosan'ny Fampielezan-kevitra ary hitodika amin'ny Fanarenana ny Tanindrazana isika ary indrindra hiezaka hatrany ha- mpijoro ny Firenena VANONA feno FAHAMARINANA, mba ho Tanin- janaka lovain'ny TARANAKA isika MALAGASY. Tanindrazana iombonana i Madagasikara ary mila antsika Zanany rehetra. Fehiny, ny Fanahy Maha-Olona izay tarihiko dia maneho etoana ny fiarahabana an'Andriamatoa Andry Nirina Rajoelina, nohon'ny fahala- niany hisalotra ny andraikitry ny Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, ary mirary soa indrindra eo amin'ny fiantsorohana ny adidy masina ho an'ny Tanindrazana. Isika Ny Fanahy Maha-Olona kosa dia hiroso hatrany amin'ny fametrahana ny VATOEKA: Vaomera ara-toekarenam-pokonolona manerana ny Nosy ho Ampin- ga fitsinjovana ny FIHARIAN'ny Fokonolona Ma- lagasy indrindra fa ny TANORA. Fotoanany izao hijoroana hatrany hampisehoantsika fa tsy voatery mitondra firenena vao afaka manasoa ny Tanindrazana. Ndao isika hanarina sy hanampy ny Mpiray Tanindrazana amin'ny Fomba rehetra. Maka LESONA ny Omaly, hanatsarana ny ANIO, hampandrosoana ny AMPITSO. Masina ny Tanindrazana hoy izy.

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Loza mitatao ho an'ny fireneny ny vahoaka mangina tsy maneho hevitra

Tranga iray lehibe tian'ny manampahefana rehetra sy mpitondra eo amin'ny fitondrana eto amin'ny firenena tato anatin'ny folo taona izao ny hanginan'ny vahoaka tsy hiteny sy tsy haneho hevitra. Porofo miharihary ny zavatra nitranga rehetra nandritra izany fotoana izany tamin'ny fihetsiky ny mpitondra na manampahefana, iray misongadina amin'izany ny eo anivon'ny prefektiora, manome baiko ny « mpitandro filaminana » hampiasa hery famoretana ny vahoaka nanao fihetsehana fanoherana rehetra teto. Hita mazava izao anefa fa tsy rariny sy tsy hitsiny izany fihetsika izany, fa tsy mivaky loha amin'izany ny eo anivon'ny fitondrana. Ny zavakendren'izy ireo dia tokana sy mazava tsara : vahoaka mangina tsara tsy miteny na maneho fihetsika fanoherana ny zava-tsy mety ataon'ny fitondrana. Ny tsy manaiky izany fa mbola miana-kendry midina an-dalambe na eny amin' ny kianjan'ny 13 Mey, na eny Ambohijatovo dia lazaina tsotra avy hatrany ho mpanakorontana satria ambara mandrakariva ho hetsika tsy nahazoana alalana. Tato anatin'ny folo taona rahateo izay dia tsy nisy mihitsy hetsika nanaovana fangatahana ka nahazoana alalana avy amin'ny prefektiora izany. Efa nambara hatrany tao anatin'ny lahatsoratra teto amin'ity gazety ity izany. Lany andro fotsiny izay mpangataka tany amin'ny prefektiora hatramin'izay, fa tsy nisy nahazo valiny nahafapo azy. Mazava mantsy ny ao an-tsain'ny mpitondra sy tiany hatongavana dia ny hoe: vahoaka mangina tsy miteny sy tsy maneho hevitra eny ankalamanjana, ary azo fehezina amin'izay tiana anaovana azy; vahoaka tsy mieritreritra ny fireneny intsony afa-tsy ny fitadiavana ny sakafony andavanandro sy ny momba ny fiainany isan'andro ihany ka na lafo sy midangana aza izany dia atreho ihany ary mangina...

Fa raha izay tian'ny manampahefana sy mpitondra izay tokoa àry no hotanterahina eto, inona no hitranga? Tsy lavina, mety amin'izy ireo izany toetra izany satria ho mora ny fomba fitantanany angamba amin'ny lafiny iray. Afaka manao izay tiany izy ireo hatrany amin'ny fandrobana firenena sy fangoronan-karena ary fanomezana vahana ny vahiny hanjakazaka amin'ilay vahoaka "voakaperotra"mbamin'ny fivarotana ambongadiny ity firenena ity. Mety hisy antokon'olona hihatsara ny fari-piainany, tsy lavina, kanefa ireo olona "akaiky vilany" ihany, fa aoka tsy hanonofy ny besinimaro valalabemandry. Vao mainka aza hitombo ny hantsana hanasaraka ny harena sy ny fari-piainan'ny mpanankarena eto sy ny vahoaka ankapobeny. Tsy isalasalana izany. Tsy hisy fihatsarány velively mihitsy mantsy ny toekarem-pirenena fa hiadam-pamindra manoatra toy ny sokatra. Antony, tsy hisy fiaraha-mientana mihitsy eo amin'ny vahoaka sy ny mpitondra eo amin'ny lafiny fampandrosoana amin'izay fotoana izay. Hanao antso an-tany efitra ny fitondrana hanentana ny vahoaka ny amin'ny hoe hiara-mampandroso ity firenena ity, fa tsy hisy hihaino azy sy hanaraka azy eo. Ho mpitan-damba amin'ny asa fampandrosoana ny vahoaka satria izy natao tsy hiteny, hangina, tsy haneho hevitra eny ankalamanjana. Na tiana na tsy tiana, tsy maintsy izay no hitranga amin'ny fanerena ny vahoaka toy izany. Mazava loatra fa tena hadalana tsotra izao, fa tsy hoe hadisoana fotsiny amin'ny fomba fitantanam-pirenena ny toetsaina mpitondra manao izay hampangina ny vahoaka tsy haneho hevitra eny an-dalambe izany. Tahaka ilay adala tsy mivaky loha amin'ny fandravan'ny trano bongony io. Ny resahina eto, mpitondra sy manampahefana tsy mivaky loha amin'ny fahapotehan'ny fireneny. Zary mizotra amin'izany lalan'izany ny firenena nandritra ny taona maro ary mandraka ankehitriny.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Filohan'ny HCC : nanao fihantsiana an'Antananarivo sy ny vahoaka

Toy ny nilatsaham-baratra ny olompirenena tena nanana finoana, fa hamoaka ny didy araka ny fahamarinana tokoa ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) ny Talata 8 Janoary 2018 lasa teo. Ny antony voalohany dia nolavina daholo ny fitoriana napetraky ny olontsotra, na ny k25 ary heverina fa mody nolavina tahaka izany koa ny an'ny K13 nentina nilazana fa tsy nitongilana ity andrim-panjakana ity. Nolazaina ihany koa fa namarinina tsirairay ny fitanana an-tsoratra isaky ny biraom-pifidianana izay iaraha-mahalala fa niisa efa ho dimy arivo sy roa alina (25 000 bureaux de vote). Ka raha hatao ny kajy dia fitanana an-tsoratra tamina biraom-pifidianana fitopolo sy fitonjato sy roarivo (2 700) isaky ny mpanolotsaina izany no nohamarina tao anatin'ny fito ambin'ny folo andro izany hoe fitanana an-tsoratra 163 isan'andro ankoatry ny fampitahana ireo biletà tokana. Tsy izay ihany fa nisy ireo lisi-pifidianana izay anarana olona iray no miverimberina eo amin'ny toerana fanaovana sonia na lavitondron'olona iray no miverimberina. Raha fintinina dia nolavina avokoa ireo fitoriana (requêtes) miisa manodidina ny telonjato. Momba ireo biletà tokana tsy misy laharana indray dia nolazain'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa rehefa nivory ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) dia nanapakevitra fa tsy mampaninona izany, ka tsy manafoana ny fifidianana ny tsy fisiany. Ny fanontaniana dia angaha ny CENI no manao lalàna ka afaka manafoana ny andininy 120 ao amin'ny Lalàna 2018/008 izay milaza fa tsy maintsy misy laharana ny biletà tokana. Heverina fa tsy maintsy noraisina avokoa ny fijoroana vavolombelona nataon'ny talen'ny Trano Piritim-pirenena, ohatra, momba ny nanerena ny toeram-piasana nanonta karapanondrom--pirenena sy kara-pifidianana aman-jatony maro ireny izay tokony nanaovana fanadihadiana lalina. Raha ny vokatra ihany koa dia azo lazaina fa ny navoakan'ny CENI ihany no navoakn'ny HCC ka izay tokoa, angamba, toetsaina hoe tsy mifanala baraka ny andrim-panjakana samy andrim-panjakana. Izay ny momba ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa. Ny tena nanohina mafy ny fon'ny Malagasy roa tapitrisa mahery nifidy ny K25 dia ny kabary nataon'ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izay nilazany fa "tsy Antananarivo no Madagasikara" sy ny teny tsy voaambina "tsy izay mitabataba mitaky ny fahamarinana akory no manana ny fahamarinana". Didim-pitsarana no navoaka ka heverina fa tsy tokony hisy fitenenana mibirioka amin'ny lalàna toy izany. Tena fihantsiana tamin'Antananarivo sy ny vahoaka no nataony. Tsy azo adinoina kosa na izany aza ny didy navoakan'ity andrim-panjakana ity momba ny fitoriana nataon'ny solombavambahoaka 121 nitaky ny fanesorana ny filohan'ny Repoblika IV kanefa didy nanana endrika plolitika "pacte de responsabilité" no navoakany. Teo koa ny didy navoakan'ny HCC momba ny fitoriana nataon'ny solombavambahoaka 73 izay nitaky ny fialàn'ny filohan'ny Repoblika ihany koa kanefa dia ny governemanta no nidaraboka ary nandidy ny handrafetana "accord politique". Raha ireo didy rehetra ireo no fakafakaina dia tsy nitsara ireo fitoriana napetraka tao aminy araka ny maha fitsarana azy ny HCC fa namoaka didy nanana endrika politika hatrany, izay efa toa miseho eo anivon'ny fitsarana isan'ambaratonga eto amin'ny Nosy.

***Andry Tsiavalona***

FILOHA RAVALOMANANA

## Atsaharo ny fisamborana, avoahay ireo tsy manan-tsiny

Tao aorian'ny voka-pifidianana ofisialy navoakan'ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ny talata teo, nanao fanambarana amin'ny vahoaka Malagasy omaly ny Filoha Marc Ravalomanana, tao amin'ny onjampeo sy ny fahitalavitra MBS. Tamin'izany no nankasitrahany ny vahoaka Malagasy sy ireo nifidy azy tamin'ny fifidianana. Misaotra an'Andriamanitra isika hoy i Dada tamin'ny nahavitan'iny fifidianana iny. Momba ny didy navoakan'ny HCC, dia iny no heverin'izy ireo fa marina hoy ihany izy. Na izany dia niarahaba sy nirary soa ho an'ny filoha vaovao Andry Rajoelina ny Filoha Marc Ravalomanana. Notsiahiviny fa nahatety faritra maro teto amin'ny Nosy izy, nahita ny mahazo ny 92% ny vahoaka Malagasy izay sahirana tokoa, ka mila fanampiana. Tsy maintsy mitraka isika hoy i Dada, nankasitrahany koa ireo rehetra nankahery azy. Ankoatra izany, atsaharo ny fanenjehana samihafa, ny fisamborana, havoaka ireo tsy manantsiny any am-ponja. Fotoanan'ny fampihavanana sy ny firaisankina izao hoy ny filoha mpanorina ny orinasa Tiko. Nirary izy mba hahita ny rariny ny vahoaka Malagasy amin'ity taona 2019 ity.

***Ny Valosoa***

Fanaovan-gazety

## Nodimandry i Théos, mpiara-miasa amin'ny gazety Ny Valosoa any Frantsa

Nodimandry tamin'ity herinandro ity i Théos, na Philippe Emile Razafimanantsoa ihany koa, no ahafantarana azy tao amin'ny tambazotranserasera facebook. Nampy hatrany ny gazety izy tamin'ny fotoan-sarotra rehetra nolalovan'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, izy ihany koa no anisan'ny mpanaparitaka ny gazetinao amin'ny tambazotranserasera facebook, sy amin'ny site- ny Mcm Paris- Madagascar. Ny gazety NY VALOSOA VAOVAO dia mirary fionona feno ho an'ny fianakavian'i THEOS PHILIPPE EMILE RAZAFIMANANTSOA (MCM PARIS- Madagascar), namana sy tena mpiaramiasa akaiky amin'ny gazety. Mandria am-piadanana Théos!



*Théos na Philippe Emile Razafimanantsoa.*

***Ny Valosoa***





*Gazety Ny Valosoa Vaovao farany, naparitak'i Théos tamin'ny facebook.*

Fiainam-pirenena

## Miandry ny fampanantenan'i Andry Rajoelina ny vahoaka

Nivaly iny ny voka-pifidianana filoham-pirenena ofisialy navoakan'ny HCC ny talata lasa teo. Miandry ny fampanantenan'ity filoha vaovao ity ny vahoaka malagasy tamin'ny veliranony tamin'ny fampielezan-kevitra, hoe atolotro ho an'ny vahoaka malagasy ny fiainako manontolo. Anisan'ny miandry ity filoha vaovao ity ny tsy fandriampahalemana an-tanàn-dehibe sy eny ambanivohitra satria mandry tsilavoloha ny mponina amin'ny ankapobeny eto Madagasikara. Ho voavahan'ity filoha vaovao ity tokoa ve ny vidim-piainana, ny olana ara-tsosialy samihafa sns?... izay fanamby napetrany ao anatin'ny fotoana fohy. Tsy ireo ihany, fa andrasan'ny vahoaka izany fitoniana izany satria vao lany izy dia efa nivoaka sahady ny tsy fahafahan'i Rolly Mercia, Fidèle Razarapiera, Fanirisoa Ernaivo ary Mbola Rajaonah mivoaka an'i Madagasikara. Manginy fotsiny ireo efa nahazo fiantsoana sahady izay lazaina fa nitarika fanakorontanana teny amin'ny kianjan'ny 13 mey. Andrasan'ny vahoaka avokoa izany fanapahankevitry ny filoha vaovao izany, indrindra amin'izao fiakaran'ireo fito mirahalahy voarohirohy tamin'ny « coctail Molotov » izao, fitorahana mpitandro filaminana ary ny fanaovana hetsika tsy nahazoana alàlana izay hiakatra fitsarana anio. Tena ho fitoniana tokoa ve no hisy, sa kobaka am-bava toy izay efa fanaony tamin'izy nitondra ny tetezamita? Miandry ny vahoaka fa raha izay efa nataony aloha dia tsy hiova izany izy satria tànana zatra mitsotra, tsy afaka ny hivokona intsony. Hiova tokoa ve ny fiainan'ny malagasy, sa indroa hiditra amin'ny maizina toy ny tain'omby natsentsin-davaka ihany ny vahoaka malagasy.

***Rajo***

Fanambaran'ny HCC

## Ahiana ny savorovoro any Faradofay

Noho ny fanambarana ny voka-pifidianana nataon'ny HCC n any Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ny talata teo, ahiana ny savorovoro any Faradofay, renivohitry ny faritra Anôsy. Matahotra ny mety hisian'ny fifandonana ankehitriny ny any Faradofay. Fifandrorita-na vokatry ny hala-bato avolenta. Tsy mankasitraka ny fanomezan'ny Fitsarana Avo Momban' ny Lalam-panorena (HCC), ny k13 ny fandresena ny any Fort dauphin. Tsy nojeren'ny HCC mihitsy tokoa ireo fitoriana rehetra natao, porofon'izany ny fitovian'ny vokatra vonjy maika avy amin'ny CENI sy ny tetsy Ambohidahy. Tena fanodinkodinam-bato no nisy. Maro noho izany ny manahy ny mety hisian'ny fisavoritahana noho iny vokatra nataon'ny HCC iny fifidianana iny. Misy ihany koa ny soson- kevitra avy any an-toerana ny amin'ny fifidianana ho avy: rafetina tsara ny lisi-pifidianana, ovaina ny mambran'ny Ceni, samy tokony ho afaka manara-maso ny fifidianana ny rehetra.

***Mangarahara***

TONONKALO

### NY VOKA-PIFIDIANANA

Ny vokatra navoaka dia ampy hilazana
Fa tsy mahafa-po ny didim-pitsarana.
Ny sasiny no betsaka fa maivana ny ventiny,
Ka tena tsy hampitony ny rivotra mba nentiny.

Ny vokatra navoaka dia ampy hilazana
Fa nisy , tena nisy ny hoe "fitanilàna".
Tsy mety resy lahatra ireo tia fahamarinana,
Satria mpangala-bato no afa-panadinana.

Ny vokatra navoaka dia ampy hilazana
Fa toa nadika vilana ny didy aman-dalàna.
Tsy nojerena akaiky ny zava-misy marina,
Ka jiolahy mpandrava no indro fa nakarina.

Ny vokatra navoaka dia ampy hilazana
Fa mbola ho maizin-kitroka ny ampitso eto an-tanàna.
Ny rariny sy hitsiny toa tsy tafara-dalana .
Ianao mpitsara avo , moa voky dia namalana ?

***DADAN'I ZINA (08-01-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Marc Ravalomanana teny amin'ny HCC ny talata teo.









Ny fambolena an-tanàn-dehibe ao amin'ny EPP Ampefiloha-Ambodirano iarahana amin'ny CUA.









## NY TENY FIAINANA

*Eny tokoa, fa ataoko fatiantoka ny zavatra rehetra, ka ataoko ho taimboraka ireny mba hahazoako an'i Kristy.*
***Filipiana 3:8***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Nampandresy ny tsy fahamarinana ny HCC

**Arp Helisoa:** tena nitanila koa ny HCC. Mipetraka ny fanontaniana tao aorian'iny voka-pifidianana ofisialy iny. Tsy mahay daholo ve izany ireo mpahay lalàna ao amin'ny K25? Sa misy inona tao?

**Rondro Malala Razakarisoa :** l'argent qui parle, toa nanjaka indray ny vola e ! tsy misy mihitsy na fitoriana iray aza mba neken'ilay HCC, tena nampandresy ny tsy fahamarinana ity andrim-panjakana ity.

**Jose Alain Ramaroson :** efa jamban'ny vola ny masony ka tsy nisy noraisiny na iray azan y fitoriana dia nitovy noho izany ny vokatry ny CENI sy ny an'ny HCC, tena voaporofo noho izany fa samy nampandresy ny mpangala-bato na ny CENI na ny HCC. Dia tanteraka ilay tenin'i Rajoelina hoe tsy maintsy lany na ahoana na ahoana. Vakiana fotsiny araka ilay fitenin-jatovo ankehitriny.

**David Rapa :** tsy hoe tsy mahay izy ireo fa tsy manana porofo.

**Noa Hanjara Rakotoarimalala :** tokony mbola hisy ihany ny zavatra hatao fa tsy lasa ity hanana Filoham-pirenena mpangala-bato ity.

**Hery Rdmp :** vendrana daholo izany ireo olona mahalala lalàna nametraka fitoriana ireo.

**Ajir Ozireh :** vola ny an-dry zareo no lehibe indrindra.

**Hery Rdmp :** mahazo manao hosoka daholo izany ny malagasy ve ? Amin'izay angamba ho tsapan'ny tsirairay izany hoe fanjakana tsy misy fahamarinana intsony izany.

**Lilie Lilie :** mahery enao ra vola ooo fa bola mahery noho enao koa ny fahamarinana de ao enao Jesosy mahita ny mahazo ny vahoakanao.

**Hery Rdmp :** Andriamanitra tsy hanampy anao raha tsy hanampy ny tenanao ianao.

**Heritiana Nomenjanahary :** tokony mitohy hatrany ny tolona amin'ny fahamarinana, fa hanjary hahazo vahana izany hosoka sy halatra izany raha matoritory isika.

**Mireille Christina :** mipetraka eo ambonin' ny halatra d ho tadidiny afaka fotoana fohy fa ho hita eo ny fivoaran'ny velirano nataony, izay velirano sarotra ho tanterahana ihany ho andRajoelina mpanongam-panjakana sady DJ. Lasa fihomehezana any ivelany tokoa isika noho izay: filoha efa nanongam-panjakana sy DJ no filohantsika.

**Jacquit Rakoto :** mila miady amin'ny fahamarinana hatrany isika, dia havoaka koa ireo 7 mianadahy nidoboka am-ponja noho ireny tolona teo amin'ny kianjan'ny 13 mey ireny.

**Donald Randria :** takon'ny vola ny marina.

**Nirina Rabenarison :** fitsaran' olombelona ireny. ..mbola ho tsarain'ny tantara daholo ireo be rebareba nivarotra ny marina tamin' ny vola ireo, ary tsy ho ela izany.

**Rasamison Eric :** mitondra am-bavak ny firenena no tokon atao

**Rola Gosi :** za tena manontani tena mitsi oe : tsi itako ze nandraisana fitorina raha ireni no zavatra nataon'ilay HCC, tsy misy na iray aza mba neken'ireo fitoriana izay natao, tena tsy rariny mihitsy.

**Rahary Za :** ataony @'zay hitiavan'ny fitsarana azy ny Malagasy sy i Madagasikara !

**Manga Tsimba :** mahay ry zareo fa noteren-ko masaka fotsiny ilay valim-pifidianana, dia nampitoviana koa ny teny amin'ny CENI sy ny tao amin'ny HCC.

**Hantamalala Kala :** vola aloha vao ny safidin'n vahoaka. Tsy ny vahoaka no tompon'ny fahefana eto Madagasikara fa ny vola.

**Fenohery Jujube Volasoa :** mitohy ny tantara.

**Rndrns Andry :** tena mampiteny ny moana e. Ten oul ts nianatra ve sa nomena marim-pahaizana fotsn ireo oul nitory ireo satria ny fitoriana iray manontolo dia tsy nisy azo noraisina avokoa. Loooozaaaa!!!

**Hary Raberson :** na inona natao teo efa vita mialoha ny resultat! nisy niova t@ ny an'Ceni ve? raha nampitomboana iny na nanalana mba normal ihany, fa tsy nihetsika na ny virgule aza!! o rey olona a, kopikole ny Pv scanné! Loza, tena vakiana fotsiny ilay fampandresena ny tsy fahamarinana.

Depiote Anto Arilafa R.

# Vita ny fifidianana fa mitohy ny asa fampandrosoana

Niarahaba nahatratra ny taona vaovao 2019 sy nitondra firariantsoa ho an'ny vahoaka Malagasy, sy ny mponin'ny distrikan'i Manjakandriana, ny solombavambahoaka voafidy tao Manjakandriana, Rakotondrajaona, Rakotonjatovo Anto Arilafa. Vita ny ny fifidianana hoy izy fa mitohy ny asa fampandrosoana ifotony. Voalohany amin'izany ny fanohizana ny fizarana zana-trondro any amin' ny kaominina vitsivitsy any an-toerana manomboka anio ary mbola hitohy izany. Eo ihany koa ny fijerena ny sosialin'ny mponina amin'ny ankapobeny, ny tanora sy ny vehivavy ary ireo tantsaha mpamboly sy mpiompy marobe any amin' iny faritra iny. Efa izay aloha no didy navoakan' ny fitsarana hoy izy, fa andrasana izay fampandrosoana hoentin'i Andry Rajoelina eo ao anatin' ny dimy taona manaraka. Ho an'i Manjakandriana manokana dia fampandrosoana no tanjona hoy izy fa ny pôlitika mandalo ihany.

***Rajo***

FERNAND CELLO

# Miantso an'i Andry Rajoelina hamoaka ireo olona 7 naiditra am-ponja



*Ny mpanao gazety Fernand Cello.*

Milaza ny heviny tao aorian'ny fivoahan'ny vokatra tamin'ny fifidianana fihodinana faha-2 teo ny mpanao gazety Fernand Cello. Nivoaka iny ny didy tsy azo ivalozana izay navokan'ny Fitsarana avo momban'ny lalampanorenana (HCC) hoy izy. Samy manana ny fomba fijery sy famakafakana an' ireny teny navoakan'ny Filohan'ny Fitsarana avo momban' ny lalam-panorenana ireny ny Malagasy 25 Tapitrisa. Lasa ihany ny saina nandinika ny zavanisy afak'omaly hoy izy, saingy raha toa ka iny no lalana hitan'ny HCC mety amin'ny Tanindrazana dia manaiky ISIKA. Mankahery ny Filoha Marc RAVALOMANANA sy ireo mpiara- miasa rehetra, ary mirary soa ho an'ny filoham-pirenena Vaovao. Manantena fiovana goavana avy amin' ireo Velirano nataonao ny Vahoaka Malagasy Andriamatoa filoha Andry Nirina Rajoelina hoy Cello. Mba hampisy fitoni... ana dia mianagavy anao izahay raha sitrakao, ha... moaka ireo olona nalefa am-ponja vonjimaika , s... hampitsahatra ny fanen... jehana ireo miisa fit... raha toa ka azo atao.

***Nangonin'Isambile...***

Tranga

# Nanolona zazavavy 13 taona, matin'ny fitsaram-bahoaka

Tany Ambatoafo-Sambava, faritra Sava, lehilahy iray matin'ny fitsaram-bahoaka avy nanolana zazavavy 13 taona. Faty efa maimbo no hitan'ny Fokonolona sy ny ray aman-drenin'ity ankizivavy vao 13 taona iray ity, ny fiandohan'ny taona 2019 teo. Araka ny tantara dia nisy lanonana na tsaboraha tamina tanàna iray ny alin'ny 24 desambra teo, ka anisan'ny nanatrika tany ity ankizivavy ity, tsy hitan'ny ray aman-dreniny anefa izy ny ampitson'io, natao ny fikarohana ka herinandro taty aoriana vao hita faty efa maimbo ity ankizivavy kely ity. Nisy kasikety iray anefa teo akaikin'ny faty, ka niainga avy tamin'io ny fanadihadiana, Taorian'ny fandevenana dia nitohy ny fikarohana an'ilay olona mety ho tompon'ity kasikety ity, ary dia fantatra fa lehilahy iray avy ao amin'ny tanàna atao hoe Andribavato no tompon'io kasikety io, satria izy dia olona be mpahalala sy mahafantatra fa azy tokoa io satroka io. Nojerena tao an-tranony nefa tsy tratra tao izy, fa niafina tany anaty ala, ka isan-kariva izy vao mia... katra an-tanàna, mahi... mahina ny zavatra na... taony. Nanaraka hatran... ny fokonolona ka hita te... anaty alan-davanilila to... koa ny lehilahy. Tsy nis... fanontaniana fa dia ka... poka sy vono no niantef... teny amin'ity lehilahy ity... ary dia maty tsy tra... drano tany anaty ala, k... navelan'ny fokonolona... tany ny fatiny. Efa e... ampelatanan'ny tompon... andrikitry ny filaminana... any Amboangibe ity ra... haraha ity amin'izao fo... toana.

***Zak...***

EPP Ampefiloha Ambodirano

# Hioty ny vokatra tamin'ny tetikasa fambolena an-drenivohitra



*Santionan'ny vokatry ny fambolena an-drenivohitra tao amin'ny EPP Ampefiloha Ambodirano.*

Vokatra tsara avokoa no azo tamin'ny fambolena tamin'ny tetik'asa " fambolena an-drenibohitra", na agriculture urbaine, izay nokarakarain'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), isaky ny EPP manerana an' Antananarivo renivohitra. Hita nisongadina tao anatin' izany ny EPP Ampefiloha Ambodirano boriboritany faha-4. Raha tsiahivina dia iray volana lasa izay no nanomboka namboly ny ekipa avy tao amin'io EPP io, ka tonga amin'ny fotoampiotazanà ny vokatra izy ireo ankehitriny. Araka izany, dia hisitraka izany avokoa ireo ankizy mpianatra eny amin'io Epp io mànomboka amin'ny fidirana amin'ny herinandro. Hahazo tohana ara- tsakafo izy ireo ho entina hamakivaky indray ny taom-mpianarana. Araka ny tanjona dia natao izao tetik'asa izao mba hanampiana ara-tsakafo ireo ankizy mpianatr... eny amin'ny EPP, ary h... fampandraisana anjar... ihany koa azy ireo amin... ny fitiavanà fambolen... sy ho fiarovana ny tom... tolo iainàna.

***A...***

HCC

# Nampandresy ny tsy fahamarinana

Naharitra ora 2 sy sasany teo, no nanaovan'ireo mpikambana teo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), ny litania fitanisana ny resaka famaliana ny fitarainana (re- quêtes) rehetra momba ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa, sy didimpitsarana avy aminy, niaraka tamin'ny vokatra ofisialy mbamin'ny moraly nomeny ny rehetra. Tsy nisy novalian'ny HCC na iray aza ireo fitarainana marobe, noho izay antony izay, nanambara ny ankamaroan'ny olona fa nampandresen'ity andrimpanjakana etsy Ambohidahy ity ny tsy faha- marinana, tsy mahay daholo ve ireo olona nanao fitarainana sy ireo mpahay alalana miara-dia amin'ny Filoha Marc Ravalomanana izany? Nisy ny faly tamin'izany fa be ihany koa ireo tsy nankasitraka tamin'ireo fitenenana sasantsasany niniana navoaka. Rehe-fa izany no mitranga dia tsy tenimpahendrena tsotra izao izany avy amin'ny HCC izany. Ny tenim-pahendrena dia ny rehetra miara-manaiky avokoa fa marina izany. Teny nambaran'ny filohan'ny HCC tamin'ny fifidianana fihodinana voalohany ny amin'ny momba ny fiandrianam-pirenena sy ny manodidina izany. Azo nosintonina avy amin' izany ny amin'ny mbola fisian'ny tsindry na ny geja avy any ivelany manjo ity firenena ity. Nampitsiry fanantenana vahoaka tamin'izay fotoana izay fa tonga ny fotoana hidiran'ny firenena amin' izay amin'ny tena fahafahana, ary anisany hitari-dia amin' izany ireo mpikambana eo anivon' ny HCC. Rehefa nandre ny nambara teny Ambohidahy ny Talata teo anefa dia nanomboka nitsoaka any amin'ny amparatazana indray ilay fanantenana saiky hitsilopy teo. Ambara tsotra fa tsy nampitraka ilay vahoaka drodrohan' ny adim-piainana sy hirifirin'ny sondrobidim-piainana isan'andro lava izao ny nambarany. Tsy nahitana soritra izany fanantenana izany mihitsy ilay olompirenena hita teny rehetra teny. Milaza fambara ratsy izany raha araka ny traikefa hita. Manana ny fahaizana amam-pahalalana faratampony amin'ny didy aman-dalàna eto amin' ny tany sy ny fanjakana ireo mpikambana eo anivon'ity andrim-panjakana iray ity. Tsy misy afaka handà izany. Izay fahaizany izay indrindra, nandritra iny fotoanan'ny talata tolakandro iny no ahatarafana zavatra manahirana be ihany ny saina. Eny, na filazana avy aminy fa tsy andairana n'inona n'inona avy ety ivelany eto amin'ny firenena izy ireo amin'ny fitsarana ny voka-pifidianana. Tena misy mahatsara izay tokoa raha marindrano izany, fa ny ahiana dia tsy voasakany ny rivotra mifofo afafin'ny "matanjaka" ato anatiny sy ny hery avy any ivelany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Inona no anaporofon'ny HCC fa tsy misy izany ary tsy mahazo azy? Ary izay indrindra no ilazana fa toy ny "mpatsaka mahay mikabary...", ny HCC, "... hendry ihany fa tsindrin'ny tavim-bilany". Manam-pahalalana saingy misy tsindry tsy azony ialàna sy tsy azony anoharana. Afenina mafy amin'ny vahoaka araka izay azo atao io ka amin' ny alalan'ny lalàna sy fahaizany izany ihany no anaovana izany. Inona moa no ho fantatry ny vahoaka amin'izay lalàna sy pitsopitsony amin' izany? Ny 50% amin'ny Malagasy aza mbola tsy mahay mamaky teny sy manoratra. Ilay vahoaka rahateo efa natao izay hahapempo azy tanteraka, ka tsy hahatsiaro intsony fa izy no tompon' ity Nosy ity sy ny fahefana. Nifanarahana aminy fotsiny izay olona ampindramim-pahefana rehetra mba hampijoro ny firenena ka hanana ny fiandrianany. Izay ny fototry ny lalanan'ny tany na firenena demôkratika. Efa natao anefa izay hikosehana izany ao antsain'ilay vahoaka tato anatin'ny folo taona izao.

***Sóh'son***

Vehivavy tapaka lalàndra telo volana

# Navotan'i Jessica teny Mandrosoa Ivato

Vao naheno fa tsy tafiditra kandida filoham-pire
nena ilay rangahy saika hotohanan'ity ramatoa ity
dia teo ihany izy dia nitambotsotra ary nalemy no
raisim-potsiny teo. Vao nentina tany amin'ny doko
tera dia nolazainy fa tapaka lalàn-drà anaty ary
ahiana ny tsy hiverenan'ny tanjany intsony, raha
tsy voakarakara haingana. Misy fanafody fotsiny
aloha omeko anareo hoy ny dokotera fa avy ee
mpanotra no hantoninareo. Niandry ihany ny fia
nakaviany sao misy fiovana fa tsy nahitana faha
sitranana mihitsy. Tsy maintsy niantso an'i Jessica
mpanotra eny Mandrosoa Ivato **03387 395 41** ny
vadiny satria tsy matoky ho sitrana intsony, ka avy
hatrany ilay ramatoa dia nentina teny aminy. Vao
noraisin'ilay mpitsabo fotsiny ilay ramatoa dia
nambarany fa mila tohizana ny fikarakarana satria
efa tokony ho sitrana izy fa ela loatra ianareo vao
nanatona taty amiko hoy izy. Menaka manokana
avy any « Inde » no nanoran'ity mpitsabo ity ilay
ramatoa ary mbola nampisotroiny rano manokana
ihany koa. Miverena ianareo afaka telo andro hoy
izy. Vao nody anefa izy mivady dia efa afaka na
haresaka sahady ilay ramatoa ary efa nanomboka
nahetsika ny vatany. Niverina izy afaka telo andr
ary nilaza fa efa nisy fiovana ny vatany. Tao ana
tin'ny tapa-bolana monja dia niova tanteraka ny fa
hasalamany ary nilaza izy fa sitrana tanteraka
Niaiky ilay rangahy vadiny fa manana « pouvoir »
manokana tokoa ity mpitsabo ity satria raha nohe
veriny fa tsy ho sitrana intsony ny vadiny dia avotra
tanteraka tao anatin'ny tapa-bolana monja. Raha
misy olona tapaka lalàn-drà ahiana tsy ho sitrana
hoy izy dia tongava eny Mandrosoa Ivato fa
hain'io mpitsabo io ny manafaka anao ao anatin'ny
andro vitsy monja. Nisaotra manokana ity mpit
sabo ity izy mivady ny herinandro lasa teo sady
niarahaba tratry ny taom-baovao ihany koa.

***Namana***

Fort Dauphin

# Nodimandry Rambeloson Jean Bien Aimé (Bems), mpanao gazety

Nodimandry tamin' iny herinandro teo iny ny namana BEM'S na Rambeloson Jean Bien Aimé na Bems, rehefa notaizan' aretina maromaro. Mpanao gazety ao amin'ny fianakaviamben' ny holafitry ny mpanao gazety eto Madagasikara izay. Namela zanaka sy andefimandry. Bem's , anisan'ny azo lazaina ho mpanao gazety matihanina ary namana azo itokisana amin'ny asa atao. Malemy fanahy, tsotra, azo itokisana amin' ny andraikitra omena azy. Amin'ny maha mpanao gazety matihanina an'i Bem's, mpampiofana ireo zandry aty aoriana mpiofana ho mpanao gazety izy fahavelony. Tsy ho very maina ireo torohevitra sy fampianarana namana. Mandria am-piadanana ra Bem's! Ny gazety Ny Valosoa Vaovao ihany koa dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

***Mangarahara***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao . Isaorako manokana ny Tanora Tiako i Madagasikara izay nanao ny ainy tsy ho zavatra taminy fampandaniana an'i Dada sy ireo pikambana Tiako i Madagasikara rehetra eto Antsirabe 1. Isaorana ihany koa ireo vahoaka nanohana rehetra tsy ankanavaka. Isaorana manokana ihany koa ny Biraon'ny DISTIM Antsirabe 1 izay nampandany an'i Dada amin'ny isambato mavesatra tokoa izay tarihan'i Mr Patrick. Docteur Maurice. Maitre Noro. President Rafaly. Mr Tovo. Ao ihany koa ny Vehivavy Tiako i Madagasikara izay taritin'i Mme.Claudine. ao ihany koa ny Kmmr tarihan'i Mme Josiane Mr Modeste.. ary isaorana manokana indrindra indrindra dia ny solombavambahoaka an'Antsirabe Député Michel, izay tena nanao ny ainy tsy ho zavatra nahafahana nampandany an'i Dada tamin'ny isambato mavesatra 64% teto Antsirabe 1. Raha ny tantaran'ny fifidianana tokoa teto Antsirabe mantsy dia io isambato io no isambato faran'izay ambony indrindra tamin'ny tantara fampandaniana an'i Dada teto Antsirabe 1. Ary ny tena isaorana dia isaorana i Dada nitondra antsika rehetra tamin'ny fahamarinana nandritra iny fifidianana filohampirenena teto Madagasikara iny. Homban'Andriamanitra mandrakariva anie ianao Andriamatoa filoha Marc Ravalomanana. Izahay dia TIM Mandrakizay ary vonona foana hiatrika ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

***Tanora Tim Antsirabe***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

## SARIITATRA: Tsy navoakanareo ny marina ry HCC a !



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**05/01/19 hatramin'ny 12/01/19**

- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54
- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralàlàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 859-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

HALATRA SY FISOLOKIANA

# Tratra ilay Frantsay naka vola tamin'ny GAB, tamin'ny karatra tsy ara-dalàna

Voasambotra ilay Frantsay nisintombola tamin'ny GAB an'ny BMOI tamin'ny karatra tsy ara-dalàna. Voasambotry ny Zandary tany Mahajanga ny alatsinainy teo ny lehilahy teratany frantsay iray 32 taona, tompon'antoka tamin'ny fangalarana vola tamin'ny banky BMOI Antananarivo ny 4 janoary 2019 teo. Fomba fiady tsy dia fahita eto Madagasikara no nampiasain'ity vazaha ity. Manana ireo karazana « carte bancaire » ity farany, izay tsy miasa eto



*Ilay frantsay voasambotra tany Mahajanga.*

Madagasikara, ka ireny no nentiny nampiasaina tamin'ireny GAB (Guichet Automatique de Banque) ireny nisarihana vola. Nandritra io tontolo andron'ny 4 janoary io, nanomboka tamin'ny 5 ora maraina hatramin'ny 5 ora hariva dia vola mitentina 113 tapitrisa Ariary no voasintony. Karatra maherin'ny zato no nampiasainy tamin'izany ary in-162 nisintona ireo volabe ireo izy. Teo dia tsy hita intsony ity vazaha ity nefa efa azo sary tamin'ny antsoina hoe camera de surveillance ny sariny. Nandeha ny fisamboran' ny mpitandro filaminana, ka izy voasambotra tany Mahajanga izao.

***Ny Valosoa***

Tahiry Koica sy ny Unicef

# Hiezaka hampihena ny tovovavy manambady aloha loatra any Anôsy

Miara-miasa ny fitondram-panjakana Malagasy sy ny Unicef, n any tahirin'ny Firenena Mikambana ho an'ny ankizy, ho amin'ny fanatsarana ny fiainan'ny zatovo any amin'ny faritra Anôsy, ao anatin'ny famatsiam-bola KOICA na tahiry koreana ho an'ny fampandrosoana. Manodidina ny 64 amin'ny ankizivavy zato any amin' ny faritra Anôsy no manambady aloha loatra manambady mialohany faha-18 taonany. Anisan'ireo antom-pisian'ny fiaraha-miasa, ny hampihenana io taha io. Sehatr'asa maro no tanterahana ao anatin'izany, ka iray amin'ireny ny antsoina hoe Life skills, fandaharanasa fanentanana ny tanora, tanterahana isaky ny roa volana.

***Aly***

Antanetibe Mahazaza-Mahitsy

# Mandrevo ny fotaka amin'ny lalana

Vao nirotsaka fotsiny ny orana tamin'ny volana desambra 2018 teo dia efa fotaka mandrevo no nisy, tamin'ny làlana mampitohy an' Antanetibe Mahazaza sy Mahitsy distrikan'Ambohidratrimo. Tamin'ity herinandro ity koa dia mbola nitohy ny rotsak'orana tany amin'ny faritra iny dia vao mainka nitombo ny fahavoazana. Fotaka mandrevo tsy azo diavina mantsy no misy any an-toerana. Mitaraina ny mponina, indrindra fa ny mpampiasa làlana toy ny mpitatitra akora sy atody avy any amin'iny faritra iny. Eo ihany koa ireo mpivarotra tsy maintsy maka entana any Mahitsy. Miezaka ihany ny sinoa mpanao izany làlana izany, fa mbola sarotra ny fahamainana na dia efa rakofana tany mifangaro vatokely aza izany làlana izany. Raha tsiahivina, dia efa tamin'ny taona 2017 no tokony ho efa natao ity làlana ity, saingy izao vao nanomboka. Anisan'ny tsy nahazoan- Rajaonarimampianina vato tany amin'iny faritra iny mantsy io làlana io. Izao indray dia mbola olana ny fanamboarana io làlana io satria mbola misy andian'olona tsy manaiky fandravana trano izay tsy maintsy lalovan' izany làlana izany. Ankilany dia izao izy manahirana ny mponina izao. Izay tokoa ilay vita sinoa hoy ny rabirabin'ny olona mandeha any amin'izany làlana izany satria tsy maharitra fa vonjy tavan'andro fotsiny ary tandremetaka amin'ny fiteny malagasy. Andrasana arak'izany izay ho fahavitan' ity làlana ity na ho ela, na ho haingana.

***Rajo***

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 265**




BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0264)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Tetezana | (Miv) | - Toerana | - AA – Sa |
| - Ory – Ana | - Ora (Miv) – Ro | - Re (Miv) – Vary | - Zandry |
| - Manina | - Na – Sipa | (Miv) | - Mponina (Miv) |
| - Ry – Manda | - Avia – Mof(o) | - Tim | - Nana – Ao |
| | | | - Amy |

## TENY MIFANARAKA N° 265




**Mitsivalana**

**1.** Ho hano aho hihinanako anao – Mahantra (Miv) **2.** Rangahy (Miv) **3.** Fety **4.** Solfa – Ahazoana ny siramamy **5.** Nanome toky **6.** Tanalahy – Androany **7.** Maharitra – Karazana lasopy – Vizana **8.** Faran-teny – Manondro zavamaro (Miv) – Ora tsy misy farany **9.** Ahafantarana **10.** Tia, iry – Mitambatra

**Mitsangana**

**A.** Iraka **B.** Fiantsoana ny namana **D.** Eny amin'ny habakabaka – Hazo maro (BR) **E.** Manontany – Heloka **F.** Tampisaka (Miv) – Lavo (BR) **G.** Tsy mora – Betsaka (Miv) **H.** Toby (Miv) – Amany (BL) **I.** Matoanteny – Mari-bola **J.** Heno – Ino ? **K.** Toe-bolo – Azo

### Valiny Teny mifanaraka 0264

**Mitsivalana**

1. Mifanatona 2. Avi(y) - Ha 3. Senatera 4. Alina - Lota (Miv) 5. Nolonerea 6. Zo 7. Ny (Miv) - Mamy - AA 8. Ela - Kere (Miv) 9. On - Rano - As 10. Fitarafana

**Mitsangana**

A. Misangy - Fo (Miv) B. Ela - Neny D. Fanala E. Avana - Mora F. Nitaiza - Ar G. (T)ale - Nomen H. Roa - Fory (Miv) I. Ohatra J. Na - Eo (Miv) - Noko (Miv) K. Olona - So/ry


Commune
Urbaine
d'Antananarivo
Fahadiovana
ISIKA MPONINA
Fadio ny manary fako
eny amin'ny tatatra
Izay liam-pivoarana,
liam-pahadiovana
www.facebook.com/Cserasera/


Commune
Urbaine
d'Antananarivo
Fahadiovana
ISIKA MPIVAROTRA
Diovintsika madio tsara
ny faritra hivarotantsika
Izay liam-pivoarana,
liam-pahadiovana
www.facebook.com/Cserasera/